# Mitady fanampiana

## Mitadiava fanampiana avy amin' Andriamanitra

Nampanantena fanampiana masina ny Ray any An-danitra mba hahafahantsika mizaka ireo olana rehetra eto amin'ny fiainana an-tany. Nampanantena fomba maro hahatongavan'ny fanampiany Izy. Raha tsy mahita ny fanampiany amin'ny fomba iray isika, dia zava-dehibe foana ny tsy milavo lefona. Tohizo ny fitadiavana. Eo Izy.

- Inona no zavatra fantatrao mikasika ny Ray any An-danitra sy an'i Jesoa Kristy izay manome anao fahatokian-tena fa afaka manampy anao hiady amin'ny alahelo sy ny fahaketrahana Izy Ireo?

Vakio ny Jakôba 2:8; Almà 26:27–28; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36; 136:29. Mitadiava fomba ahafahantsika mikatsaka ny fanampian'ny Tompo rehefa malahelo na ketraka isika.

- Inona no ampianarin'ireo andininy ireo mba hataontsika rehefa malahelo na ketraka isika?
- Inona avy ireo fomba hafa ahafahantsika mikatsaka fanampiana avy amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy?

Raha tsy zavatra tena mahakasika loatra ny tena manokana, dia mizarà zavatra niainanao teo amin'ny fitadiavana fanampiana avy amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy.

## Mitadiava fanampiana avy amin'ny hafa

Nanazava ny Filoha Spencer W. Kimball hoe:



Tena mandinika antsika Andriamanitra ary miambina antsika Izy. Saingy matetika amin'ny alalan'ny olona iray hafa no hanomezany izay ilaintsika. (*Teachings of Presidents of the Church: Spencer W. Kimball* [2006], 82)

Rehefa malahelo na ketraka isika, dia mety halaim-panahy hisintaka na hitokantokana lavitry ny hafa. Ny fanaovana izany dia mety hametra ny fahafahantsika mahita ny fanampiana omen'ny Ray any An-danitra antsika. Ny fitadiavana fanampiana amin'ny hafa dia mety hahitana ny firesahana amin'ny ray aman-dreny, na olona azo itokisana ao amin'ny fianakaviana, na mpitarika ao amin'ny Fiangonana.

Tanisao ireo zavatra roa na telo izay azon'ny olona manana olana iray atao mba hanatonana ny hafa na hamelana ny hafa hanampy azy ireo.

Raha tsy zavatra tena mahakasika loatra ny tena manokana, dia zarao ny fotoana iray izay nanampian'ny olona iray ao amin'ny fianakavianao na namanao anao nandritra ny fotoana niainana alahelo na fahaketrahana.

## Mitadiava fanampiana avy amin'ny matihanina

Ny loharanom-panampiana manan-danja iray azontsika tadiavina dia ny fahendren'ireo mpitsabo azo itokisana misahana ny fahasalamana ara-tsaina. Eritrereto ilay fampitahana ny alahelo sy ny fahaketrahana amin'ny onjan-dranomasina tany aloha. Rehefa malahelo isika (miatrika onja kelikely kokoa), dia tokony hanaraka ny fitarihan'ny Fanahy Masina mba hahafantarana ny fotoana hitadiavana ny fanampian'ny matihanina. Kanefa kosa, raha mahatsiaro ho ketraka na te hamono tena isika (miatrika onja lehibe), dia tena ilaina ny mitady ny fanampian'ny matihanina.

Vakio ity teny nambaran'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ka tadiavo ny zavatra nomen'ny Ray any An-danitra mba hanampiana antsika rehefa manana olana isika:



Mitadiava ny torohevitra avy amin'ny olona azo antoka izay nandia fanofanana manokana voamarina sy manana ny fahaiza-manao amin'ny maha-matihanina ary manaja ny soatoavina. Aoka hitsotra amin'izy ireo ianao mikasika ny tantaranao sy ny olana mahazo anao. Diniho amim-bavaka sy amim-pahamatorana ny torohevitra sy ny vahaolana omen'izy ireo. Raha toa voan'ny appendicite ianao, dia manantena Andriamanitra fa hangataka tsodranon'ny fisoronana ianao *sady* handray ny fitsaboana tsara indrindra mety hisy. Tahaka izany ihany koa ny amin'ny aretina ara-pihetseham-po. Miandrandra antsika ny Ray any An-danitra hampiasa *ireo* fanomezam-pahasoavana mahatalanjona rehetra izay nomeny mandritra ity fotoampitantanana feno voninahitra ity. (Jereo ny Jeffrey R. Holland, "Tahaka ny vilany ariana," *Liahona*, nôv. 2013, 41)

Soraty ao amin'ilay boky kelinao ny ampahany amin'ny teny nambaran'ny Loholona Holland izay nanan-danja taminao.

- Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ho an'ny olona iray ny mitady fanampiana matihanina amin'ny fahaketrahana?

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_575-1